# Ilay Voa Tsara Nafafy 31 Martsa 2019

**31** **Alahady**
marsa

**Moa tsy Andriamanitra va no mijery ny làlako ka manisa ny diako rehetra ?** Joba 31. 4

**Ary ankehitriny, inona no andrasako, Tompo ô ? Ianao no antenaiko.** Salamo 39. 7

### Ianao no nametrahako ny fitokisako

*Ianao, Tompo ô, no nametrahako ny fitokisako.*
*Mahalala ahy Ianao, Anao aho.*
*Nanaraka ahy hatramin'ny fony kely Ianao,*
*Nofenoinao ny zavatsoanao rehetra aho.*
*Inona no hatahorako ? Tsy misy mampiahotra ahy.*
*Mandeha eo anoloako Ianao. Mitarika ahy ny feonao.*
*Raha manery ahy ny zavatra rehetra, dia ny fitiavanao*
*No mitrotro ahy sy mampahery ahy hatrany.*
*Ianao, Tompo ô, no nametrahako ny fitokisako.*
*Mahalala ahy Ianao, Anao aho.*

*Ianao, Tompo ô, no nametrahako ny fanantenako,*
*Na ho an'ny anio na ho an'ny rahampitso.*
*Satria ny fanohananao, fanohanana eo lalandava,*
*No momba ahy eny amin'ny lalana izorako.*
*Sady feno fahatoniana no feno hery*
*Ny lalan'ny kristiana, na dia misy sarotra aza.*
*Manafaka ahy Ianao, manala hetaheta ahy,*
*Mihaino ahy Ianao, mamaly ahy toy ny ataon'ny Ray.*
*Ianao, Tompo ô, no nametrahako ny fanantenako,*
*Na ho an'ny anio na ho an'ny rahampitso.*

*Tononkiran'i Ruth Demaurex, nadika malalaka*